Baiboly ho an'ny zaza

Fanomeza

# Ny Fanomboan'ny Alahelon'ny Olombelo



Nisonoratsin'i: Edward Hughes

Abaran'ny: Byron Unger; Lazarus Alastair Paterson

Ampanaraha amin'ny: M. Maillot; Tammy S.

Nadikan'ny: www.christian-translation.com

Naboakin'ny: Bible for Children www.M1914.org

©2021 Bible for Children, Inc.
Fazahoan-dala: Manan-jo hanao kopia na hanonta an'toy tantara toy anao, rah ambo tsy mivarotsy anizao.


ANDRIAMANITSY NO NATAON'ANDRIAMANITSY!
Lafa namboatsy an'I Adama, lelahy voalohany Andriamanitsy, da nipetraky tamin'ny saha Edena niaraky tamin'I Eva vadiny.


Faly tanteraky andreo nankato an'Andriamanitsy sy nankafy ny fanatrehany mandra-pahatongan'ny andro raiky...





"Angaha moa Andriamanitsy nitsara taminareo hoe ka hany ny hazo iaby?" Nambaran'ny menarana nanontany an'I Eva. "Afaky mihina ny voankazo iaby ahay, afa-tsy ny raiky avao", hoy navaliny. "Raha mihina na mikitiky anio voankazo io atsika da ho faty."

“Tsy ho faty anareo”, nambaran’ny menarana nihehy. “Ho tonga tahaky an’Andriamanitsy anao.” Naniry ny voan’io hazo io I Eva. Nihaino an’ny menarana izy da nihina ny voankazo.



Lafa tsy nankato an'Andriamanitsy I Eva da nitariky an'I Adama hihina ny voankazo koa izy. Tokony ho nitsara I Adama hoe: "Aha, tsy hankato ny tsaran'Andriamanitsy iaho".





Lafa nanota I Adamas y I Eva, da samy nahafantatsy izy roa fa miborida. Nanjaitsy ravin'aviavy ho saron-tava andreo, da nisarona sy nifiny tamin'ny roimemy tsy ho anatrehan'Andriamanitsy eo.

Lafa nanintsy ny haly da tonga ta an-tsaha tao Andriamanitsy. Hainy ny raha nataon'I Adama sy Eva. Nanome tsiny an'I Eva I Adama. Nanome tsiny ny menarana I Eva. Hoy Andriamanitsy: "Voaozo ny menarana, da ny ampela hanaintaina laha miteraka."




"Adama, satria nanota anao, da voaozo amin'ny tsilo sy ny tsilo ny tany. Hiasa sy ho tsemboky anao mba hahazoanao ny hany isan'andro".





Navoakin'Andriamanitsy tamin'ny saha mahafinaritsy tao I Adama sy Eva.  Satria nanota andreo, da tafasaraky tamin'Andriamanitsy nanome aina!


Nanao sabatsy mirehitsy Andriamanitsy mba hanakana andreo. Namboatsy akanjo hoditsy ho an'I Adama sy Eva Andriamanitsy. Boka aia no nakan'Andriamanitsy ny hoditsy?

Tafara taty, da nisy fianakavia raiky tinerak'I Adama sy Eva. Mpiasa zaridaina I Kaina lahimatoandreo. Mpiarakandro ondry I Abela, anakindreo faharoa.



Indraiky andro I Kaina ninday traka ho an'Andriamanitsy hatao fanomeza. Ninday ny ondriny farany tsara I Abela hatao fanomeza ho an'Andriamanitsy. Faly Andriamanitsy tamin'ny fanomezan'I Abela.



Tsy nahafaly an'Andriamanitsy ny fanomezan'I Kaina. Meloky be I Kaina. Fa hoy Andriamanitsy: "Raha manao ny marina anareo, tsy hankasitrana ve?"




Tsy afaky ny fahameloan'I Kaina. Vatany vao afaky kelikely tan-tsaha teo, da namango an'I Abela ihy da namono anazy!



Niresaky tamin'I Kaina Andriamanitsy. Aia Abela rahalahanao? "Tsy haiko," navandy I Kaina. "Angaha iaho mpiamby ny rahalahako?" Nosazin'Andriamanitsy I Kaina tamin'ny fanesora ny fahaizany niompy da nataony ho mpirenireny ihy.



Da niala tanatrehan'I Jehovah teo I Kaina. Nanambady anakivavin'I Adama sy Eva ihy. Niteza fianakavia andreo.  Tsy ela da nameno ny tanà namboariny ny zafikelin'I Kaina sy ny zafiafin'I Kaina.



Nandritsin'izay fotoa zay, da nitombo malaky ny fianakavian'I Adama sy Eva.  Naharitsy aveloma noho ny amin'izao ny olo tamin'izay.



Lafa teraky I Seta anakiny lahy, da hoy I Eva hoe, "Namen'Andriamanitsy anahy I Seta ho solon'I Abela". Lehilahy tia an'Andriamanitsy I Seta, velo 912 tao ary nanan'anaky maro.





Teto amin'izao tontolo izao, da niharatsy hatrany n yolo lafa nanaraky ny taranaky raiky. Farany, da nanapa-kevitsy ny handripaky ny olombelo sy…


…Ny biby syn y voro iaby. Naneny Andriamanitsy namboatsy ny olo. Fa nisy lehilahy raiky nankasitrahan'Andriamanitsy…

I Noa io lehilahy io. Marina sy tsy nisy tsiny I Noa, taranak'I Seta. Niara-nandeha tamin'Andriamanitsy ihy.



Nampianatsy ny anakiny telo lahy hankato an'Andriamanitsy avao koa ihy. Nikasa ny hampiasa an'I Noa amin'ny fomba hafahafa sy miavaky tokoa Andriamanitsy izao!



Ny Fanomboan'ny Alahelon'ny Olombelo

Tantara raiky amin'ny tenin'Andriamanitsy ao, ny Baiboly,

da hita ao

Genesisy 3-6

"Gne fampidira gne tsaranao da manazava."
Salamo 119:130

Vita

Ity tantara ao amin'ny Baiboly ity da mitsara amin-tsika ny mahakasiky an'ilay Zanahary mahatseriky izay nanao an-tsika sy maniry hahalala an'Azy.

Hain'Andriamanitra fa nanao ratsy atsika, izay volagniny hoe ota. Fahafatesa gne sazin'ny ota, fa tena tia anao Zanahary ka nandefa ny Anakiny lahitoka da Jesosy mba ho faty teo amin'ny Hazo fijalia sy ho voasazy noho gne fahotanao. Da velona indraiky Jesosy ary nody tany an-danitsy! Rah amino an'I Jesosy ianao ka mangataky amin'azy mba hamela gny helokinao da hataony izay! Ho avy Izy ka hipetraky ao anatinao hananin'izao, ary hiara-hipetraky Aminazy mandrakizay anao.

Raha mino anao fa izay gne fahamarinagny, da tsarao amin'gny Zanahary hoe:

Jesoa Malala ô, mino aho fa Anao gne Zanahary, ary lasa olombelo ho faty gn'amin'ny fahotako, ary velo zao indraiky. Miangavy anao hiditsy amin'gny fiainako ka mamelâ gny heloko, mba hahazoako fiainam-baovao hananin'zao, da indraika andro agny hiaraky Aminao mandrakizay. Ampio iaho hanaraky Anao sy hiaina ho Anao amin'gny maha-agnakinao anahy. Amena.

Mamakia Baiboly da miresaha amin'gne Zanahary isan'andro! Jaona 3:16